Friedrich-Ebert-Stiftung

FIFANDRAISAN-TENDROM-PARITRA

Mpanoratra : Lisa Voigt, Dominique Rakotomalala
Dikanteny : Foibe momba ny Teny an’ny Akademia malagasy
Antananarivo 2009

Savaranonando

Ity kiboky atolotry ny Friedrich-Ebert-Stiftung Madagasikara (FES) ity dia manampy hahazoana ny "fifandraisan-tendrom-paritra"

Ankehitriny dia betsaka ny firenena manokatra ny tsena - ny amin'ireo toekarem-pirenena hafa. Mikaroka lalam - barotra vaovao fanondranana ny entana novokariny. Mitombo miara-dalana amin'izany ny fanafarana enta - na sady manamaro karazana ny tolotra izany.

Matetika ny fifandraisan-tendrom-paritra dia noban - jinina fotsiny ihany amin'ny lafiny toekarena ary koa amin'ny fomba tena teknika. Noho izany dia nisafidy ny fomba fiasa hafa sy mora izahay mba tena ho takatry ny ankamaroan'ny olona eto Madagasikara sy any amin'ny toeran-kafa ny tena dikany marina.

Misy tokoa mantsy lafiny hafa amin’ny fifandraisan-ten - drom-paritra izay manana endrika politika kokoa. Maninona, ohatra, no tsy miara-miasa mba hamaritana ireo vahaolana iombonana hanoherana ny fihafanan- toetrandro na ny fahasimban'ny tontolo iainana ? Nahoana no tsy mifampidinika sy miaina am-pilaminana, an-kalalahana ary amin'ny rariny sosialy toa izay hiady ? Ho azo atao ve ny manoritra masontsivana avy any amin'ireo faritra mikasika ny famaritana ny atao hoe

fifampitondrana mahomby sy fanajan'ny olon-drehetra ny zon'olombelona ? Maninona no tsy mba manana fenitra mitovy eo amin'ny asa mba hiantohana ny zon'ny mpiasa ? Ireo àry misy fanontaniana vitsivitsy izay maneho fa ny fifandraisan-tendrom-paritra dia mety hanampy mba hahitana valiny mahomby amin'izao taonjato faha 21 izao.

Raha araka izany, ity lahatsoratra ity dia miezaka ny hanazava amin’ny fomba tsotra ireo tanjon'ny fampifan - draisan-tendrom-paritra. Te haneho fisaorana an- dRamatoa Lisa Voigt aho izay niara-niasa tamin’Andriamatoa Dominique Rakotomalala, izay nitondra ny fanohanany, noho ny namolavolany ity boky ity. Fisaorana lehibe koa ho an'ireo niara-nifandinika izay nandray anjara tamin'ny fanatontosana ny boky.

Ny FES dia manantena fa ity lahatsoratra ity dia hahalia - na indrindra ireo tanora zanak'ity firenena ity, izay mikatsaka hahatakatra misimisy kokoa ny fifandraisan- tendrom-paritra ary koa ireo any amin’ny tany mpifano - lo-bodirindrina eo amin'ny faritra.

Olivier Dalichau
Solotena monina eto Madagasikara
FES Madagascar

Laza vontoaty

Teny fampidirana

Fizarana voalohany :
Fifandraisan-tendrom-paritra

1. Midika inona ny hoe fifandraisan-tendrom-paritra ?
2. Inona avy ireo dingan'ny fampifandraisan-tendrom-paritra ?
3. Inona avy ireo fahasahiranana mety hitranga mifamatotra amin'ny fifandraisan-tendrom-paritra ?
4. Inona ny soa fanararaotra hita ao amin'ny fifandraisan-tendrom-paritra ?

Fizarana faharoa :
Southern African Development Community

1. Lazatantaran'ny SADC
2. Tanjona sy fomba fiasan'ny Fanjakana ao amin'ny SADC
3. Firafitry ny SADC
4. Tetiandro momba ny fampifandraisan-tendro ao amin'ny SADC

Teny fampidirana

Ny fifandraisan-tendrom-paritra dia fotodrafikevitra fandre matetika, tato ho ato, ao amin'ny haino amanjery malagasy, indrindra hatramin'izay naha mpikambana an'i Madagasikara ao amin'ny SADC (Southern African Development Community) tamin'ny volana Aogositra 2005. Misy lamim-paritra maro ao Afrika ; ary i Madagasikara dia tena ao amin'ny zotram-panatanterahana ho amin'ny fifandraisan-tendrom-paritra, eo anivona fifandaminana samihafa mifanatahaka. Nefa midika inona, raha ny marina, io fotodrafikevitra io ? Inona no hevitry ny zotram-panatanterahana tahaka izany ?

Ny teny hoe " fifandraisan-tendro ", eo amin'ny hevitra ara-bakiteny, dia midika aloha hoe fikambanana singa mizaka tena maro mba handrafitra fikambanana iray lehibe kokoa. Izany dia midika, eo amin'ny sehatra itondrantsika ny fanazavana, fa ny Fanjakana mizaka tena dia ho mivondrona ao anatina fikambanana lehibe kokoa iray. Ny ambara amin'ny hoe " fikambanana lehibe kokoa iray " dia mety hiova arakaraka ny tranga misy. Hiverenana amin'ny manaraka izany. Azo antoka mantsy fa ny zotram-panatanterahana toy izany dia tsy hotontosa ao anatin'ny fotoana fohy; satria

misy ireo dingana miavaka tsara eo amin'ny fampifandraisan-tendro, izay tokony holalovan'ireo fanjakana te-hivondrona. Mazana midika izany aloha fa hatao ny fifanatonana eo amin'ny lafiny toekarena, amin'ny alàlan'ny fanafoanana miandalana ny hidindalan'ny faditseranana, ohatra. Raha, ankoatra izany, misy Fanjakana sasantsasany maniry hifanatona hatrany, ary hiara-hiasa misimisy kokoa, dia ho azon'izy ireo atao ny miara-mandray, amin'ny ho avy, ireo fanapahan-kevitra mikasika, ohatra, ny politikan'ny fandriampahalemana, na koa ny politikan'ny fifindramponenana.

Na ireo Firenena ireo mianina « fotsiny ihany » amin'ny fampifanatonana eo amin'ny lafiny toekarena, na izy ireo mikendry tanjona tena malalaka, ny fanapahan-kevitra, izay zavamisy, ho amin'ny fifandraisantendro, na ahoana na ahoana dia midika dingana lehibe hotanterahina, fanovana, soa fanararaotra, fisedrana mety hitranga sy fanamby izay hisy fiantraikany amin'ny fiainan'ny olom-pirenen'ireo Fanjakana voakasika. Ny hanomezana valiny amin'ny fanontaniana fototra sasantsasany momba ny lohahevitra fifandraisan-tendrom-paritra àry no kendrena indrindra raha namoaka ity boky ity ny Fondation Friedrich Ebert.

Inona tokoa no hevitra tena fonoson'ny " fifandraisan-tendrom-paritra ?

Inona avy ny dingana eo amin'ny fampifandraisan-tendrom-paritra ?

Inona ny soa fanararaotra entin'ny fifandraisa-tendrom-paritra ?

Inona avy ireo fanamby mifamatotra amin'ny fifandraisan-tendrom-paritra ?

Hamaliana, ao amin'ny fizarana voalohany, amin'ny fomba mazava araka izay azo atao, ny fanontaniana sasan-tsany voalaza tetsy aloha, dia hasehontsika ny fifamahofahon-javatra sasantsany amin'ny fomba tsotra. Araka izany, ity boky resahina ity dia tsy mihambo hanaraka fanehoana akademika : fa mamaly ny hetaheta te hahafantatra misimisy kokoa ny lohahevitry ny fifandraisan-tendrom-paritra amin'ireo izay tsy mpahairaha manokana amin'io taranja io, fa te hanana fahalalana bebe kokoa. Ny fizarana faharoa rehefa avy eo, dia hampahafantatra ny SADC, amin'ny maha ohatra ny fifandraisan-tendrom-paritra azy, amin'ny antsipiriany kokoa. Mirary antsika hahazo soa amin'ny famakiana ny boky ary antenaina fa handrisika antsika hikaroka torohay bebe kokoa ny fampahafantarana atao ary hanome an-tsika faniriana handinika akaiky kokoa ny lohahevitra voalaza.

FIZARANA VOALOHANY :

FIFANDRAISAN-TENDROM-PARITRA

1. Inona ny hevitry ny hoe fifandraisan-tendrom-paritra ?

Efa hitantsika tao amin'ny teny fampidirana, fa ny fifandraisan-tendrom-paritra dia midika aloha fa ny Fanjakana mizaka tena dia manapa-kevitra hivondrona mba ho fikambanana lehibe kokoa, amin'ny fepotoana mety ho lavalava. Azo eritreretina ho toy ny piozila ny fahatakarana ny tarehin-javatra : ireo singa mahaleotena dia avondrona hiendrika tamba-javatra mifampiankina.



Satria Fanjakana mizaka tena no ambara, izany fanapahan-kevitra izany dia raisina an-kahalalahana. Araka izany, ireo singan'ny piozila dia tsy atambatra : amin'ny nahim-pony no iasany sy anapahany hevitra ny hivondrona. Satria na ahoana na ahoana, tsy misy

olona afaka manery Fanjakana hanorina fiaraha-miasa amin'ny hafa, raha tsy iriny izany. Ny fiaraha-miasa dia lazaina ho « amin'ny faritra », rehefa samy ao amin'ny sehatra jeografika ny Fanjakana voakasika, izany hoe, samy hita ao anatin'ny faritra iray eto amin'izao tontolo izao izy ireo. Raha, ohatra, Madagasikara, Belzika, ary Arzantinina samy tapa-kevitra ny hanorina fiaraha-miasa, dia tsy azo lazaina,
amin'izay fotoana izay, ny hoe fifandraisan-tendrom-paritra, satria ireo Fanjakana ireo, rehefa nodinihina tsara, dia hita fa any amin'ny kôntinanta tena samy hafa tanteraka. Mifanohitra amin'izany, raha raisina ny sarintanin'ny Faritry ny SADC, dia hita mazava fa ireo Fanjakana mpikambana dia tena mifanolo-bodirindrina.

Izao àry dia hiresaka isika ny amin'io « vondrona lehibe kokoa » io izay naorina noho ny fanapahan-kevitra fiaraha-miasa eo amin'ny samy Fanjakana ; handinika akaiky araka izany izay miseho marina isika.

Rehefa hanangana fiaraha-miasa ireo Fanjakana ireo, dia mazava ho azy fa tsy midika mihitsy ho fifanekena am-bava izany. Ny fototry ny fiaraha-miasa dia raketin aanaty Fifanekena vaosoratra, izay mamaritra mazava ary amin'ny antsipiriany ny SAHAN-KEVITRA MIFANDRAIKA AMIN'NY FIFANDRAISAN-TENDRO mbamin'ny fanoritsoritana ny ZOTRAM-PAMPIFANDRAISAN-TENDRO, araka izay nokasaina sy novinavinain'ny Fanjakana mpikambana. Raha any aoriana, misy fifanolanana eo amin'ireo Fanjakana, mikasika ny fiheverana ny endriky ny fiaraha-miasa, dia afaka miainga amin' izay efa noraketana tany am-piandohana izy ireo tamin'ny alalan'ny fifanekena.

INONA NY SAHAN-KEVITRA atao vontoatiny eo amin'ny fifandraisan-tendro ?

Mba hanasokajiana tsara ny endrika maro samihafan'ny fifandraisan-tendrom-paritra izay misy maneran-tany, ndeha aloha hovoaboasana ny fahasamihafana eo amin'ny lafin-kevitra roan'ny fifandraisan-tendro : ny lafiny toekarena sy ny lafiny politika. Nefa tokony ho takatra anefa ny lafiny politika dia fitohizan'ny lafiny toekarena. Hatramin'izao, ny dingana rehetra ao amin'ny fampifandraisan-tendro izay lalovan'ireo Fanjakana, dia natomboka foana amin' ny fanamafisana fiaraha-miasa amin'ny lafiny toekarena eo amin'izy ireo.

Ny Vondrona Eoropeanina dia maneho ohatra tsara amin'izany fifandraisan-tendro izany : tamin'ny taona 1951, Belzika, Alemanina, Frantsa, Italia, Luxembourg ary Pays-Bas dia nanorina ny « Fiombonana Eoropeanina momba ny Arina sy ny Vy tsy ». Avy amin'izany no nipoiran'ny «Von-drona Eoropeanina » misy amin'izao fotoana izao. Tamin'izany fotoana izany, dia tsy natao vaindohandraharaha, tsy araka ny fahitana azy ankehitriny, ny politika iombonana momba ny raharaham-bahiny, na ny politika iombonana amin'ny filaminana, na ny fanaovana adihevitra momba ny Lalàmpanorenana. Tamin'izany dia ny famoronana tsena iombonana momba ny arina sy ny vy tsy no isan'ny anton-draharaha. Araka izany, ireo firenena mikambana dia tsy tokony hampihatra haba na fadi-tseranana eo amin'ny izy samy izy, eo amin'ny arina sy ny vy tsy (Homenay manaraka kokoa ny fanazavana momba ny faditseranana). Araka izany, tamin'izany fotoana izany ny fiaraha-miasa dia nivelatra tamin'ny toekarena ranofotsiny.

Nanomboka teo dia nihoatra lavitra ny lafiny toekarena fotsiny ny fiaraha-miasa. Nanomboka ny taona 50, nisy andraikitra samihafa, izay an'ny fahefamanaon'ny Fanjakana mpikambana sy an'ny sahankevitra politika kokoa, no lasa andraikitry ny Fiombonana Eoropeanina izay lasa Vondrona Eoropeanina taty aoriana : ohatra, ao anatin'izany « ny politikan'ny

fizakan-tany », « ny politika fanampiana amin'ny fampandrosoana » ary « ny politika momba ny tontolo iainana ». Tamin'ny taona 1992, ny Fanjakana mikambana dia niara-nanapa-kevitra ny hampiditra amin'ny fomba ofisialy ny lafin-kevitra saropady momba ny raharaham-bahiny sy ny fandriampahalemana ho isan'ny olana iaraha-mandinika. Araka izany, dia niorina tsikelikely ny lafiny politikan'ny fifandraisan-tendrom-paritra any Eoropa. Ny zotram-panatanterahana dia naharitra am-polo taona maro ary nisedra hatrany fahasahiranana sy tsy fahombiazana. Rehefa nodinihina anefa, ireo Fanjakana mpikambana ireo dia nahavita nifanaraka amina lalantsaina iombonana mikasika ireo lafin-javatra nifandirana teo am-piaingana, tamin'ny fanomezan-danja ny fotokevitra neken'ny rehetra toy izao : ny fanamafisana orina ny fampifandraisan-tendro sy ny fiaraha-miasa tsara orina kokoa dia ahitan'ny Fanjakana mpikambana tsirairay tombontsoa mihoatra lavitra noho ny fahavoazana.

AHOANA no hanatanterahana ny fifandraisan-tendro ?

Ndao hijanona amin'ny ohatry ny Vondrona Eoropeanina isika. Raha lazaina fa misy lafin-kevitra momba ny politika lasa raharaha sahanin'ny Vondrona Eoropeanina, mety hisy heviny maro izany. Misy eo anivon'ny Vondrona Eoropeanina, rantsa-mangaika sasantsasany izay miaraka ampiasain'ny Fanjakana mpikambana. Ohatra, araka izany, ny « Parlemanta Eoropeanina », izay fidian'ny olom-pirenen'ny Fanjakana mpikambana ao amin'ny Vondrona Eoropeanina. Na dia

misy « Parlemanta Eoropeanina » aza any Bruxelles sy any Strasbourg tsy midika nefa izany fa ny Vondrona Eoropeanina dia manana governemanta azy manokana izay hisolo ireo governemantam-pirenena. Izany anefa tsy misakana ny haharaisana ireo fanapahan-kevitra ao amin'izany, izay mikasika ny fomban'ny Fanjakana mpikambana rehetra ihany ary tokony hampihatra izany izy ireo. Azontsika tanisaina ho ohatra « ny politika momba ny tontolo iainana » sy « ny politika momba ny fanampiana amin'ny fampandrosoana ». Ao amin'ireo sahan-kevitra ireo, ny governemantan'ny Fanjakana mpikambana dia tsy tokony hanangana fepetra manokana izay hahazoan'izy ireo tombontsoa, izay mety hifanipaka amin'ireo fanapahan-kevitry ny rantsamangaika iombonana.Rehefa manapa-kevitra ny Vondrona Eoropeanina, ohatra, fa ny zezika iray dia tsy nahazoana alalana ny fampiasana azy, amin'izay fotoana izay, dia tsy misy Fanjakana mpikambana na iray aza manan-jo hanome alalana ny fampiasana io zezika io ao anatin'ny sisintaniny. Io karazana fandaminana ny fifandraisan-tendro io dia an-tsoina hoe *ambonin'ny an'ny firenena,* izany hoe, ireo fanapa*han-kevitra amin'izany dia omena ny lohalaharana noho ny an'ny firenena.*



Na eo aza izany dia misy sahan-kevitra hafa, ohatra amin'izany, ny amin'ny « politikan'ny raharaham- bahiny sy ny politikan'ny fandriampahalemana », izay havela amin'ireo governemantam-pirenena ny momba azy. Io sahan-kevitra dia heverina hatrany ho saropady sy matetika tsy dia mora ny hahita lalankevitra iombonana hahafa-po ny Fanjakana mpikambana rehetra, na dia hiezaka aza ireo governemanta tsirairay hampifanaraka ny politikany amin'ny an'ireo firenena hafa. Mety hisy koa hoe tsy mandeha tsara izany. Izany karazam-pandaminana izany no antsoina hoe *fifarimbonana governemanta,* izay midika hoe *iraisam-panjakana.*



Ny fampifandraisan-tendrom-paritra araka ny maha zotra azy

Araka izay efa nomarihina avy amin'ny ohatra momba ny Vondrona Eorôpeana, ny fifandraisan-tendro dia tsy toe-javatra miorina amina fotoana iray eo amin'ny samy firenena, ary tsy mijanona ho tsy azo ovana mandrakizay. Ny ZOTRA sy ny SEHATRA voakasiky

ny raharaha momba ny fifandraisan-tendrom-paritra dia mety miovaova hatrany ary azo ovana arakaraka ny fotoana. Ny fisiana na ny fahafoanana tsangan-drafitra iombonana dia mety hanova ny zava-drehetra tahaka ny fitsinjarana ny fahefa-manao eo amin'ireo fanjakana mpikambana sy rantsa-mangaika iombonana, na ihany koa ny seha-tsafidy eo amina sehatra politika iombonana. Ny isan'ireo Fanjakana mpikambana ihany koa dia tsy voafaritra mialoha ; azo atao ny mampifandray tendro amina mpikambana vaovao, raha hahafahana manao izany ny toe-javamisy : toy izany, ohatra, i Madagasikara dia tsy niditra tao amin'ny SADC raha tsy tamin'ny taona 2005, nefa io fifandaminana io dia efa nisy hatramin' ny taona 1992. Araka ny tokony ho izy, ny firotsahan' ny mpikambana iray dia efa novinavinaina ho amina fotoana lava, raha tsy izany, rehefa nodinihina, ny fikambanam-paritra dia mety tsy ho afaka haneho ny fitohizana izay takin' ny fivelarany kokoa.

2 Inona avy ireo ambaratongan'ny fampifandraisan-tendrom-paritra ?

Rehefa narahintsika tao amin'ny fizarana voalohany ny fivoaran'ny zotra fampifandraisan-tendro teo anivon'ny Vondrona Eorôpeana, dia handeha ary hozahana akaiky kokoa ireo karazana dingana tsirairay avy momba ny fampifandraisan-tendrom-paritra.

Handao hatomboka amin'ny ambaindain'ny lafiny toekarena eo amin'ny fifandraisan-tendro. Ho an' izany asa izany, tsy maintsy fantatsika aloha hoe manao ahoana ny firafitry ny fifandraisana amin'ny lafiny toekarena eo amin'ireo firenena izay tsy mbola nanorina fiaraha-miasa teo amin'izy samy izy :

Raha te hanondrana entam-barotra mankany amin'ny firenena iray hafa isika, voatabia ohatra, mba hamidy, ilay firenena andefasana izany dia mitaky fandoavana haba eo am-pampidirana izany entam-barotra izany, izany hoe ireo voatabia amin'ny tranga izay noraisina ho ohatra. Izany haba izany dia antsoina hoe faditseranana, izay mirafitra ho *hidin-dalambarotra misy taham-paditseranana* ny filaza azy (satria vola no tsy main-tsy aloa). Antony maro no mety hanazava izany fitakiana izany : mety hoe te hahazo vola fotsiny ilay fanjakana ao amin'izany fifanakalozana entam-barotra izany, na ihany koa izy ireo mety hoe te hiaro ireo mpamokatra ny entam-barotra mitovy amin'izany ao aminy, manoloana ireo entana hafarana izay mety ho amin'ny vidiny ahazoan-tombony kokoa eo amin'ny tsena anatiny. Izany dia midika, eo amin'ny lafiny rehetra, fa ny mpamokatra iray dia tokony hieritreritra tsara alohan'ny hanapahany hevitra raha tena hahazoany tombony tokoa ny fanondranana izay vokatra ananany. Raha toa izy, ohatra, ka mivarotra ny voatabiany amin'ny vidiny 1000 Ar ny kilao, amin'ny ara-dalàna, nefa izy tsy maintsy handoa haban-tseranana 500 Ar

isan-kilao, dia voatery izy, araka izany, hivarotra ny voatabiany tsy ho amin'ny vidiny 1000 Ar fa ho 1500 Ar. Ny fanontaniana momba izany ary dia ny famantarana raha toa izy mbola hahita mpividy sahaza na eo aza io fiakaram-bidy io, ary raha toa izy ka tsy ho tafahitsoka miaraka amin'ny entam-barotra tsy lafo, izay midika fatiantoka ho azy. Ireo faditseranana izany dia mifototra amin'ny famerana ny takalo eo amin'ny varotra eo amina firenena roa, tahaka izay efa tondroin'ny teny hoe hidin-dalambarotra. Misy koa amin'ny lafiny hafa fepetra hafa mety hampiharina fanjakana iray mba hamerana ny fifanakalozam-barotra amina fanjakana hafa. Ireny fepetra rehetra ireny izay tsy tafiditra ho haba na faditseranana, dia an-tsoina ho hidin-dalambarotra tsy misy taham-paditseranana Izany, ohatra, ny momba ny fameran'entana : ny fameran'entana dia midika fa ny Fanjakana iray dia tsy manome fahazoan-dalana hanafatra karazam-bokatra afa-tsy amin'ny habetsahana voafetra, efa voafaritra mialoha. Izany, ohatra ny ho zavamisy amina Fanjakana iray izay handraikitra ny fanafarany akondro isan-taona (izany dia avy amina firenen-kafa), ho 500 taonina, miaraka amin'ny fandrarana ara-dalàna ny fihoarana an'io fetra eo.

Tsy ny fivezivezena malalaka eo amin'ny entam-barotra ihany no voahelingelina, eo amin'ireo Fanjakana izay tsy manana fifandraisam-piaraha-miasa mihitsy. Ny fivezivezena malalaka eo amin'ny olona dia mety ho

voahelingelina ihany koa, eo amin'ny fitàna sisintany manasaraka ireo firenena : tsy maintsy mangataka vizà fahazoa-miditra mialoha, araka izany, ireo olona ireo ary mazàna, ny fe-potoam-pivahinianan'izy ireo ao amin'ny firenena ivahinianany dia ho voafetra. Tsy hanan-jo hiasa any ihany koa izy ireo sady tsy ho afaka hampiasa ny volany amin'ny fomba tsotra.

Handeha hasehontsika amin'ny fomba fohy ireo dingana izay mety hizoran'ny Fanjakana izay mirotsaka amin'ny zotra fampifandraisan-tendro.

Ny fari-pifanakalozana omen-tombon-dahiny

Ny faritra omen-tombondahiny dia miorina eo amina Fanjakana roa fara fahakeliny izay mifanaiky, amin'ny alalan'ny fifanekena, ny hifanajary fepetra manokana hahazoan'ny andaniny sy ny ankilany tombontsoa ho amin'ny varotra *entana*. Ireo vokatra ireo dia tsy handoavana haban-tseranana amin'ny ampahany na manontolo ihany koa. Io taha omen-tombon-dahiny io dia mety tsy hitovy eo amin'ireo andaniny roa. Ireo fanjakana izay tsy ao anatin'ny faritra omen-tombon-dahiny, izany hoe ireo *Fanjakana hafa* dia tsy hahazo tombontsoa amin'ny taha omen-tombon-dahiny. Mety hiseho, indraindray, hoe ny lazan-taha omen-tombon-dahiny dia mety saika amin'ny vokatra rehetra.

Talohan'ny nahatongavan'ny faritra isiana fifanakalozana malalaka amin'izao ankehitriny izao, ny SADC dia

fari-pifanakalozana nomen-tombon-dahiny. Eo amin'ny lafiny varotra iombonana, ny Fanjakana mpikambana tsirairay dia tsy maintsy nanolotra kisary maneho ny fijo-tsoan'ny lazan-taha mialoha ny hahatongavana amin'ny taha zerô izay ampiharina eo amin'ny faritra isiana fifanakalozana malalaka.

Ny faritra isiana fifanakalozana malalaka

Ny faritra isiana fifanakalozana malalaka dia fomba filaza nitarina ny faritra omen-tombon-dahiny. Amin' io tranga io, ny firenena mpikambana tsirairay dia mifanaraka ny tsy haka haba na faditseranana eo amin'ny vokatra rehetra avy any amin'ny firenena hafa amin'ny faritra. Izany fandravana ireo lazan-taham-paditseranana izany dia tsy indray manao ho an' ny vokatra rehetra ; ho an'ireo vokatra sasany lazaina ho « saro-pady », ny tetiandro fampihenana araka ny lazan-tahan-paditseranana dia somary noelanelanina ; ary ny vokatra sasany aza dia tsy nampiharana ny fivezivezena malalaka (trangan'ny fitaovam-piadiana ohatra).

Amin'ny trangan'ny faritra isiana fifanakalozana malalaka, mazava ho azy fa tena zava-dehibe ny fahalalana fa ny vokatra mivezivezy malalaka dia avy any amin'ny firenena mpikambana marina ao amin'ny faritra ; izany hoe, ny entam-barotra mivezivezy malalaka dia tokony hanana « zom-pirenen' » ny firenena mpikambana. Mba hamaritana izany « zom-pirenen' » ny vokatra izany dia misy ny antsoina hoe *fitsipi-piaviana*.

Ny famaritana ny fitsipi-piaviana dia mety ho tsotra, toy ny an'ny akora fototry ny fambolena na ny an'ny harena an-kibon'ny tany, izay araka izany dia novokarina « tanteraka » tao amin'ny firenena niaviany. Rehefa nanaovana fanodinana ny vokatra no miseho ao amin'ny fanamarinam-piantohana ny fiaviana ny fahasahiranana indraindray, indrindra rehefa misy avy any amin'ny firenena hafa ny singa nentina nanaovana ny fanodinana. Matetika, faritana ny isan-jato faran'izay kelin'ny singa avy any amin'ny firenena niaviany ao amin'ilay vokatra, ohatra 40%, mba hamaritana fa io vokatra io dia manana « zom-pirenen' » io firenena io. Nefa ny fombafomban'ny fanamarinam-piaviana (izany hoe momba io isan-jato io) dia teknika loatra indraindray, ka lasa ho hidin-dalam-barotra izany (tsy ilazana taha).

Ny Firaisambe momba ny faditseranana

Anatina firaisambe momba ny faditseranana, ireo mpikambana, rehefa tsy nampihatra faditseranana eo amin'izy samy izy (ao anatin'ny sehatry ny fari-pifanakalozana malalaka), dia miara-mametra ny taha iombonana eo amin'ny haba hampiharina eo amin'ireo firenena tsy mpikambana. Mamaritra sisintany ivelany iombonana momba ny varotra amin'izay izy ireo. Araka izany, ny entam-barotra iray ampidirin'ny firenena tsy mpikambana indray mandeha ao amin'ny mpikambana amin'ny Firaisambe momba ny fadi-tseranana, dia afaka mivezivezy malalaka eo anivon'ny Firaisambe. Izany no

midika fa io entam-barotra io dia tsy ampiharana haba na fadi-tseranana, raha miditra any amin'ny firenena mpikambana hafa ao amin'ny vondrona.

Ny fametrahana ny Firaisambe momba ny fadi-tseranana àry dia midika fisiana "fepetra" hafa, ankoatra ny fandraiketana ny taham-paditseranana ivelany iombonana. Misy indraindray vokatra hafarana firenena iray izay miditra any amin'ny firenena hafa aloha mialoha ny handefasana azy any amin'ity firenena mpanafatra. Tranga manokan'ny firenena tsy manana morontsiraka izany (sisintany amoron-dranomasina). Ohatra, ny vokatra hafaran'i Zambia dia azo ampidirina any Mozambika aloha mialoha ny hahatongavany any. Eo amina sehatra Firaisambe, dia i Mozambika, araka io tranga io no toerana fidirana ao amin'ny faritra (sy « sisintany ivelany »), izay handray ireo haba sy faditseranana. Nefa ireo haba sy faditseranana ireo dia tokony hiditra, raha tsy nisy ny Firaisambe momba ny faditseranana, amin'i Zambia samy irery.

Noho izany, mba hialana amin'ny tranga sahala amin'izany izay mamono antoka ny mpikambana sasany, indrindra ireo tsy manana sisintany amoron-dranomasina, ilaina ny mametraka amin'ny trangan' ny Firaisambe momba ny faditseranana ny « tahirim-bola iombonana » handrotsahana izay vola miditra avy any amin'ny haba sy faditseranana voavorin'ny Fanjakana mpikambana. Manaraka izany, tokony hofaritana ihany koa ny rafitra, rakitsoratra iray, izay mametra ny fitsinjarana, eo amin'ny samy tany mpikambana, ny vola

niditra hita ao amin'io tahirim-bola iombonana io. Vokatr'izany ny firenena tsirairay dia tsy mandray « vola » mitovy avy amin'io tahirim-bola iombonana io; mety hiankina amin'ny antony samihafa mantsy ny anjaran'ny tsirairay, indrindra ohatra ny amin'izay anjara nentiny, na mety noho ny fari-pampandrosoana ao aminy. Mety koa hoe ny vola niditra ao amin'io tahirim-bola iombonana io dia tsy ho voatsinjara tanteraka, fa ny ampahany amin'izany dia notazonina ho amina lafindraharaha hafa. Amin'ny trangan'ny Vondrona Eoropeana ohatra, ny ampahany amin'ny vola miditra dia ampiasaina hiantohana ny fampandehanana ny rafipitondrana sy ireo fandaharanasa iombonana.

Tsena iombonana

Tamin'ireo dingana teo aloha, ny fivezivezen'ny entam-barotra fotsiny hatrany no noresahina. Amin'ny Tsena Iombonana, ambonin'ny fanalalahana eo amin'ny fifanakalozan'ny entam-barotra, dia atrehina ny fanalalahana ny fivezivezen'ny olona, ny tolotrasa ary ny renivola. Ireo entam-barotra, ireo olona, sy ny tolotrasa ary ireo renivola dia tokony mivezivezy malalaka araka izany eo amin'ny samy Fanjakana mpikambana. Resahina koa, amin'izany ton tolo izany, ireto fahalalahana efatra ireto : **1**. Ireo entam-barotra hita ao amin'ny Tsena Iombonana, izay novokarina teo anivony ihany, na nohafarana

tamin'ny firenena tsy mpikambana, dia mivezivezy malalaka tsy misy fakana haba sy faditseranana. **2**. Ny olom-pirenenan'ireo firenena mpikambana ao amin'ny Tsena Iombonana dia afaka miandia malalaka sy manorim-ponenana ary miasa malalaka araka izay tadiaviny eo anivon'ny Tsena iombonana. **3**. Na dia miorim-ponenana ao amin'ny tany niaviana aza ireo olona (tsanganolona na orindraharaha) avy ao amin'ny Tsena Iombonana dia afaka manome tolotrasa any amin'ireo firenena rehetra ao amin'ny faritra. **4**. Azon'izy ireo atao ny mampivezivezy sy mampiasa ny fananany (vola) ary manokatra kaonty any amin'ny banky any amin'izay tiany.

Araka izany ny Tsena Iombonana dia mikendry ao amin'ny firenena mpikambana ny fahazoan'ny olona avy amin'ny firenena ao amin'ny faritra, eo amin'ny lafin-kevitra voalaza, fiheverana mitovy amin'ny an'ireo olom-pirenenan'io firenena io. Lazaina amin'izany àry ny hoe fiheverana ho olom-pirenena.

Firaisambe momba ny vola

Eo amin'ny firaisambe momba ny vola, izay dingana atao aorian'ny fanorenana ny Tsena Iombonana, ireo firenena mpikambana dia samy mampifanaraka ny politika momba ny vola sy ny volan' ny firenena tsirairay avy amin'ny taha raikitra, raha ampifampitahaina.

Raha raisintsika ohatra firenena telo A, B ary C : ny volan'izy ireo tsirairay avy dia ny franc, ny dôlara, ary ny peso. Ao amin'ny firaisambe momba ny vola amin'ny A, B, ary C : ny franc dia manana tahan-takalo raikitra raha mitaha amin'ny dôlara izay manana taha raikitra raha mitaha amin'ny peso. Ny firaisambe momba ny vola matetika dia mialoha ny fametrahana ny vola tokana.

Ny firaisambe momba ny vola dia tsy fanapahan-kevitra noraisina tsy am-piheverana, sy amina fanambar ana tsotra. Raha dinihina tokoa ny toekaren'ireo firenena mpikambana dia tsy mitovy izay mampiavaka azy, ary ny firenena sasany dia mandroso kokoa noho ny hafa. Ny firenena iray dia mety hanana taham- pitosaham-bola misonga kokoa noho ny hafa ; ny iray hafa mety hanana tahan-tsy fananan'asa misonga kokoa sns... Ny tanjon'ny firaisambe momba ny vola dia tsy fanondranana ny olan-toekaren'ny firenena iray ho any amin'ny firenena iray hafa, fa ny fiaraha-mandroso ho any amin'ny fihatsarana ao amin'ny sehatry ny fifandraisan-tendro mihalalina hatrany.

Araka izany, ho an'ireo firenena maniry hiditra ao amin'ny firaisambe momba ny vola, dia faritana ireo masontsivana fampihaonana ny tendrom-piharian-karena faobe. Izany hoe momba ny tondron-toekarena mazava, dia misy sanda voafaritra izay tokony hohajain' ny Fanjakana tsirairay.

Ho an'ny SADC, ohatra, izay miandrandra ny ho lasa Firaisambe momba ny Vola amin'ny 2016, valo (8) ny masontsivana no notazoniny : ny taham-pitosahan'ny vola, ny tsy fahampian'ny tao amin'ny tetibola, ny trosa ivelany, ny tahan'ny kaonty ifanaovana, ny tahan'ny fisongan'ny toekarena, ny tahirina devizy, ny trosa azon'ny Banky Foibe atao amin'ny fitondrampanjakana, ny tahan'ny tahiry anaty; ny amin'ireo dia efa misy tondro notoavina hotratrarina efa napetraka ho an'ny firenena tsirairay avy.

Eo amin'ny lafiny rafi-pitondrana, ny fampijoroana firaisambe momba ny vola dia mitaky fametrahana banky foibe iraisana, izay hiroso tsikelikely amin'ny fandraisana ny zara asa fanaon'ireo banky foibe any amin'ny firenena.

Vola tokana

Araka izay voalaza teo aloha, dia alohan'ny fampidirana vola tokana, dia tsy maintsy lalovana aloha ny firaisambe momba ny vola. Rehefa nampiditra vola tokoa ireo firenena mpikambana ao amin'ny Firaisambe momba ny vola, io vola tokana io dia asolo ny volan'ny isam-pirenena, izay mitsahatra tsy ho vola miasa intsony. Izany tranga izany, ohatra any amin'ireo tany ao anatin'ny Fivondronana eoropeanina (toa an'i Frantsa, Alemanina, sns), izay nandany ny Euro ho vola miasa. Ary araka izany ny Franc na ny D.M dia tsy miasa in-tsony any Frantsa na any Alemanina ary nosoloin'ny euro.

Io traikefa avy amin'ny fampiasana vola tokana io dia efa hita tany amin'ny faritra hafa. Araka izany ny fr a n c CFA dia vola tokana any amin'ny firenena sasany any Afrika Andrefana na Afrika Afovoany

Alohan'ny fampidirana ny vola tokana dia efa asiana fanentanana mialoha lavitra any amin'ireo firenena voakasika izany ; ary amin'ny ankapobeny dia am-bolana maro mialoha ny fampidirana azy dia atao amina vola roa ny lazam-bidy mba hoentina hanazarana ny mponina amin'ilay vola vaovao : asiana lazam-bidy amin'ny vola tranainy (izay mbola miasa) ary asiana amin'ny vola tokana (izay vao hampidirina).

Firaisambe politika

Rehefa avy nojerena ireo dingana teo aloha izay noferana ho amin'ny lafiny toekarena, ankehitriny kosa dia ny momba ny lafiny politika eo amin'ny fifandraisan-tendro no horesahina izao. Anatin'ny firaisambe politika, dia mamorona rafi-pitondrana iraisana ireo firenena mpikambana izay mandray fanapahan-kevitra eo amin'ny sehatra politika voafaritra mialoha, ka mamatotra ny andraikitry ny Fanjakana mikambana rehetra, ohatra ny politikan' ny fiarovana na ny raharaham-b a h i n y. Izany dia midika fa ireo Fanjakana mpikambana dia mahafoy ny ampahany amin'ny fahefany manapa-kevitra ho an'ny rantsa-mangaika iombonana.

Saingy ny firaisambe politika kosa dia tsy midika fa sahanin'ny rantsa-mangaika iombonana manontolo ireo asan'ny fitondram-panjakana : raha araka izany tokoa mantsy, eo amin' izay tranga izay, dia tsy azo h everina ho fifandraisan-tendrom-paritra intsony izany, fa ho fananganana Fanjakana iray vaovao mihitsy. Toy izany koa, ny firaisambe politika, araka izay efa voalaza teo ambony, dia tsy mahakasika afa-tsy lafin-kevitra vitsivitsy, fa tsy ny lafiny politika rehetra sahanina fitondram-panjakana.

Ny firaisambe politika iray dia tsy miorina raha tsy misy fanekena fepetra maro. Mazava ho azy fa ireo Fanjakana samihafa dia tokony efa nanana fifandraisana akaiky mialoha, ka hain'izy ireo ny mandanjalanja izany, izay vao afaka mahafoy ampahany amin'ny fizakantenany eo amin'ny fanapahan-kevitra politika izy.

Mialoha ny hidirana eo amin'ny toko manaraka, dia ilaina ny manamarika, fa ny faneken'ny Fanjakana iray hiditra ho mpikambana amin'ny vondrom-pifandraisan-tendrom-paritra, dia tsy midika fa nanapa-kevitra izy hanaiky ny dingana rehetra voafaritra mialoha amin'io vondrona io eo amin'ny fifandraisan-tendrom-paritra. Araka ny hita eo anivon'ny Firaisambe Eoropeana ohatra, dia tsy niditra tao amin'ny vola tokana (ny Euro) ny firenena mpikambana rehetra. Toy izany koa eo anivon'ny SADC, ny Fanjakana mpikambana iray dia afaka misafidy ohatra ny

" hanajanona " ny fampifandraisan-tendro ho eo amin'ny dingan'ny fahalalahan'ny fifanakalozana, na ho amin'ny dingana iray hafa any aoriana.

3. Inona avy ireo fanamby mifandray amin'ny fifandraisan-tendrom-paritra ?

Vao avy natolotsika amin'ny ambangovangony teo ny tena dikan'ny ny fifandraisan-tendrom-paritra sy ny fitrang a n y. Eto dia ho hitantsika kosa, inona avy ireo fanamby mifandray amin'ny fizorana ho amin'ny fifandraisan-tendrom-paritra.

Tokony hoekentsika aloha fa ireo Fanjakana izay mivondrona ho orindraharahan'ny faritra iray, tany am-panombohana, dia tsy mitovy ireo fepetra niaingana. Ny Fanjakana mpikambana iray dia mety ho kely noho ny iray hafa, na ny Fanjakana mpikambana iray dia mety mandroso lavitra kokoa eo amin'ny lafiny toekarena noho ny hafa. Izany dia midika fa ny Fanjakana kely kokoa na marefo kokoa eo amin'ny lafiny toekarena, dia tokony hitandro, eo amin'ny fifampiraharahany a m i n'ireo firenena hafa, mba ho re izay fanapahan-keviny sy ny faniriany, ka tsy hanaiky ho lasa an-kilabao. Ny olana hafa mety hisy avy amin'ny tsy fitovian'ny tanjaka eo amin'ny toekarena a n'ny Fanjakana mpikambana samihafa, dia avy amin'ny lesoka ateraky ny fifaninanana misy eo amin'ireo Fanjakana ireo, manoloana ny fanafoanana ny

hidindalam-barotra. Raha ohatra, ka ny mpamokatra taratasin'ny firenena iray miasa amin'ny fomba môderna sy ahitana tombony kokoa, eo amin'ny lafiny sarany, noho ireo avy amin'ny firenena hafa, izany dia midika fa, ao anatin'ny fanalalahana ny lafiny toekarena, ireo mpamokatra avy amin'ny firenena izay mampiasa fomba tsy mahomby sy lafo kokoa, dia tsy hanana zavatra hamidy tampoka intsony, satria ireo entana nohafarana avy any ivelany, mora kokoa noho ireo vita teo an-toerana, no hitobaka eo amin'ny tsena. Amin'ny tranga toy izany, dia azo atao ny maminavina hoenti-manana ara-bola hahafahana mampifandanjalanja ny fifanakalozana : afaka alaina amin'ny tahiry iraisan'ny firenena ary izany, dia hanampy any aoriana any amin'ny fanatsarana ny fepetra famokaran'ny mpamokatra rehetra. Ankaotra izany, dia ho azo apetraka ihany koa ny fandaharanasa fampandrosoana i r a i sana izay hikendry ny fampitoviana ny fenitra eo amin'ireo Fanjakana mpikambana, ka hanafoanana io olana io, afaka fepotoana voafetra. Ireo fandaharanasa ireo dia tokony vatsian'ny tahirim-bola iraisan'ny Fanjakana mpikambana.

Idirantsika noho izany ny lohahevitry momba ny *Raharaham-bola,* izay endrika lazaolana hafa eo amin'ny lafiny ny fifandraisan-tendrom-paritra. Ny fizorana ho amin'ny fampifandraisan-tendro dia mandany vola, ary izany dia mialoha ny fahafahan' ireo Fanjakana

mpikambana mahazo tombony. Tsy maintsy manangana rafitra sy orindraharaham-panjakana iombonana, ka ny fampandehanana izany dia man-dany vola. Raha ny tokony ho izy, ireo Fanjakana mpikambana dia mandrotsaka latsakemboka, izay tokony haloany isaky ny fotoana voatondro. Fa raha heverina hoe ny mpikambana rehetra dia mandoa ny latsakembony avy, ary ara-potoana, izany dia tsy ho ampy hatrany hamatsiany ny asa fampifandraisan-tendro, fa ho ampy fotsiny angamba amin'ny famatsiana ny fampandehanandraharahan'ny rafi-panjakana iombonana.

Ny momba ny Firaisambe Eoropeana manokana, toy izay efa voalaza teo aloha, ny famatsiam-bola ireo rafi-panjakana sy ireo fandaharanasa dia avy amin'ny ampahan'ny vola miditra avy amin'ny faditseranana iraisana, izay manome azy fizakantena eo amin'ny lafiny vola, sy tetibola misy lanjany, ka tsy miankina amin'ny fandoavana ny latsakemboka.

Efa voalazantsika koa ny rafi-panjakana iombonana. Araka izany tokoa, mba hampandrosoana marina ny fifandraisan-tendro, dia ilaina ireo rafi-panjakana ireo, satria io asa io dia tsy afaka tontosain' ny firenena mpikambana tsirairay. Rafi-panjakana manana tombom-pahefana mazava, mpiasa mahay sy fitaovana mifanentana no ilaina hanatratrarana ny tanjona ho fifandraisan-tendro. Ireo rafi-panjakana ireo dia miovaova arakaraka ny rafi-pandaminana. Ary tokony

hovatsiana vola koa ireo. Amin'ny ankapobeny, hita eny anivon'ny rafi-pandaminam-paritra ny rantsamangaika iray misahana fandrin-drana sy ny fanatanterahana (izay azo an-tsoina hoe sekretarià jeneraly na sekretarià mpanatanteraka na hafa), ny rantsamangaika fanapahan-kevitra (matetika ahitana ireo Filoham-panjakana sy Mpitondra Fanjakana an'ireo firenena mpikambana), indraindray mety ho antenimiera izay tsy manao ny asan'ny antenimiera mahazatra satria ny rantsa-mangaika fiaraha-midinika dia ahitana ireo Filoham-panjakana.

Ilaina koa ny manamarika ny anjara asan'ny rafitra fametrahana fitoriana, izay amin'ny rafi-pandaminana maro dia fitsarana manokana izany. Araka izany, na eo aza ny finiavana tsara an'ny mpikambana rehetra, voalaza tao amin'ny teny ifanomezana ao amin'ny fifandraisan-tendrom-paritra, izany dia tsy ho tanteraka tsy misy sakana, ohatra manokana amin' izany ny fivezivezena malalaky ny entam-barotra. Misy ireo firenena mpikambana sasany indraindray no fetsifetsy, amin'ny fametrahana sakana amin'izany fivezivezena malalaka izany, ka matetika dia tsy miendrika ho hidindalana tsy misy lazan-tahampadintseranana. Azo ekena amin'ny ankapobeny ny fampiatoana ny fivezivezena malalaka, indrindra raha misy fanapahan-kevitra mahakasika ny filaminambahoaka, ny fahasalamam-bahoaka na raha heverina

fa misy fitongilanan'ny fifaninanana. Na izany aza nefa, ilaina ny fisian'ny rafitra mahaleotena hitsara, raha misy fitorian'ny firenena mpikambana hafa, fa marim-pototra ireo fanapahan-kevitra noraisina teo amin'io sehatra io, ary raha ilaina dia tokony hifanahatsahana ireo (ohatra, ny fanapahan-kevitra fiarovana ny mpanjifa dia tsy tokony ho tonga hatramin'ny fandraràna ny fivezivezena; indraindray ny fanapahan-kevitra fanaovana filazalazana fohy amin'ny tenim-pirenena dia ampy). Manana andraikitra mavesa-danja noho izany ny fitsarana eo amin'ny fampandrosoana ny fifandraisan-tendro. Saingy io fitsarana io dia tokony homena izay hoenti-manana ilainy (mpiasa mahay sy fitaovana) ka hahafahany manatanteraka tsara ny asa nankinina aminy; ankoatra izay dia tokony ho tandrovina ny fahafahan' ny firenena mpikambana sy ny olom-pireneny avy hanatona izany fitsarana izany (eo amin'ny lafiny paika ady, ary koa eo amin'ny lafiny raharaham-bola).

4. Inona ny tokony hararaotina amin'ny fifandraisantendrom-paritra ?

Ho famehezana ny teny, sy raha raisina ny fanamby napetraky ny fifandraisan-tendro, dia tena mitombina ny mametraka ny fanontaniana hoe NAHOANA ireo Fanjakana ireo no vonona hampiseho izany fahafoizantena izany ? Azo heverina fa manantena fiantraikany

ahitana tombony avy amin'io zotran'ny fifandraisantendro io izy ireo. Ho hitantsika ary inona ny tokony hararaotina sy inona ny tombony mifandray marina amin'izany zotra izany.

Ny tontolon'ny fanatontoloana

Hatramin'ny fandrosoana haingan'ny fahaizan' olombelona mikasika ny fitaterana sy ny fifandraisana, dia niova be momba izao tontolo izao. Resahana matetika fa lasa " nihakely " izao tontolo izao, na " nifanakaiky ", satria azo atao, ankehitriny, ny mifanakalo vaovao, saika eo no eo ary saika manerana izay tontolo izao, amin'ny alalan'ny tambajotra internet, na mandeha mankany amin'ny ilam-bolantany ao anatin'ny ora vitsy. Noho izany, lasa tery ireo famerana nahazatra ny firenena iray, ary misy sehatra sasany, toa sarotra ny raharaham-pitondrana sy ny fampanarahana didy aman-dalana, rehefa voasongona avokoa ny rafitra eo amin'ny firenena ho an'ny Fanjakana iray. Ambonin'izay, misy ankehitriny ireo toe-javatra miteraka olana izay tsy manaja ny sisintany, ka tsy voavahan'ny firenena iray intsony izany, eo amin'ny sehatry ny firenena. Ny ohatra tsara indrindra holazaina dia ny fiarovana ny toetrandro, lohahevitra izay iadiana hevitra manerana izao tontolo izao ankehitriny, ka ezahana harindra eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Rehefa nanapa-kevitra ny Fanjakana samihafa amin'ny faritra iray manokana eto an-tany fa hivon-drona ary

miezaka ny mamaha miaraka ny olana manan-danja misy eo amin'izy ireo, rehefa manatratra tanjona iraisana izy ireo, mora aminy kokoa, amin'ny alalan'ireo fepetra vaovaon'ny tontolon'ny fanatontoloana, ny mandray ny andraikiny amin'ny maha firenena azy. Toy izany ohatra ny momba ny sehatry ny politikan'ny fandriampahalemana. Taorian'ny fanafihana an'i New York sy Washington tamin'ny 11 Septambra 2001, ny " fampihorohoroana iraisam-pirenena " dia lasa lohahevitra voatonina matetika tamin'ireo adihevitra misy.

Ireo orindraharaha mampihorohoro dia miparitaka ary manorina rarim-pifandraisana eran'izao tontolo izao. Ataona Fanjakana mandeha irery ahoana izay voafetra ny enti-manana eo ampelatanany, no hiatrehany ny olana amin'ny fomba mahomby ? Ny mety dia ny mandinika ny tarehin-javatra nipoitra hahafahana miasa araka izay azo atao, amina Fanjakana hafa. Misy fahefamanao zavatra vaovao mipoitra koa ankehitriny eo amin'ny lafiny toekarena noho ny fanatontoloana. Ny fomba fitaterana sy mifandray dia ahafahana mandefa entam-barotra eran'izao tontolo izao.

Tombontsoa eo amin'ny lafiny toekarena

Raha noavahantsika foana hatreto ny fahasami-hafana misy eo amin'ny lafiny toekarena sy ny lafiny politika ao amin'ny Fifandraisan-tendro, izao kosa dia hodinihantsika akaikikaiky kokoa ny tsinjovinan'ny lafiny toekarena eo amin'ny fifandraisan-tendro.

Misy soa fanararaotra lehibe entin'ny Fifandraisan-tendrom-paritra, dia ny fanorenana tsena midadasika kokoa. Rehefa azon'ny mpamokatra ny mivarotra malalaka ny entam-barony, tsy hoe anatin'ny taniny fotsiny, fa anatina sehatra toekarena malalaka kokoa, amin'ny ankapobeny dia mahazo tombony be lavitra kokoa izy ireo. Izany toejavatra izany moa dia mitranga rehefa ny mpamokatra isaky ny firenena no manondrana manokana ny heriny amin'izay afaka mitondra tombontsoa be ho azy raha oharina amina zavatra hafa. Mahazo vola misimisy kokoa ny mpamokatra rehefa mahalafo entana misimisy kokoa ary izany dia ahafahan'ny mampiasa vola amin'ny fanavaozana sy fampanarahana toetrandro ny fotodrafitrasa entina mamokatra. Ho an'ny mpanjifa dia midika izany fa ny ankamaroan'ny entana dia ho mora vidy kokoa raha afaka fotoana lavalava. Koa satria hitombo kokoa mantsy ny tolotra, avy amin'ireo mpamokatra izay manao fifaninanana amin'izy samy izy, no ny fomba fanamboaran-javatra mihatsara hatrany, ny mpamokatra amin'izany dia miezaka hatrany hampidina ny vidin'entany tsy haha matiantoka azy eo amin'ny tsena.

Ny mpanjifa any amin'ny farany dia ho afaka manana fahefa-mividy bebe kokoa. Ankoatra izay, ny fiakaran'ny famokarana dia hiteraka fiforonana asa. Midika izany fa hitombo ihany koa ny isan'ny olona mitady asa

tsara karama hahafahan'izy ireo mividy entam-barotra hita eny amin'ny tsena.

Ho an'ny mpiasa, ny fiaraha-miasa eo amin'ny lafiny faritra dia soa fanararaotra hametrahana fenitra iombonana ho an'ny Fanjakana miara-miasa, ohatra eo amin'ny ny fiahiana sosialy ny olona iantohana, fiarovana ny zon'ny mpiasa lahy na vavy, ary ny famaritana karama farany ambany iombonana. Ao anatin'ny sehatry ny Tsena Iombonana izy ireo dia mety hahita asa any amin'ny firenena hafa mpikambana ao amin'ny SADC.

Ho an'ireo Fanjakana ireo, ny fametrahana fepetra iombonana eo amin'ny asa ekonomika dia hiteraka fihenan'ny fandaniana amin'ny fitondran-draharahampanjakana, satria tsy hisy intsony ny fandraisana antanana irery ny zava-drehetra. Raha misy ny fitondrandraharaha iombonana, tsy voatery intsony ny Fanjakana tsirairay hizaka irery ny fikajakajana ireny orindraha ireny, na hanokana mpiasam-panjakana iadidian'izy samirery. Ny vola voaangona amin'io tonom-bola anaty tetibola io dia ho azo ampiasaina hanatrarana tanjona hafa, ohatra fananganana sekoly na hopitaly. Ary raha ampiasaina tokoa io vola io hananganana fotodrafitrasa toa izany, dia hahazo tombontsoa avokoa ny olom-pirenena tsirairay.

Tombontsoa politika

Handeha iverenana indray mandeha ny loha-hevitra mikasika " ny tontolon'ny fanatontonloana ". Rehefa dinihana dia efa noresahintsika, tao anatin' io andalana io, ny loharano fototra manazava ny tombontsoan'ny fisian'ny fiaraha-miasa politika amin'ny samy Fanjakana. Ny fiandaniana amin'ireny lamim-paritra ireny dia mety hitondra tombontsoa ihany koa ho an'ny firenena kely na indrindra ho an'ny firenena malemy eo amin'ny lafiny toekarena, raha jerena ny antony polítika. Raha ezahin-tsika alaina an-tsary, manoloana ny toe-java-misy iraisam-pirenena, ny fiombonana firenena azo lazaina fa malemy amin'ny lafiny toekarena amina firenen-kafa ao anaty ny sehatry ny fifandraisan-tendrom- paritra, hitantsika tsara ny maha zava-dehibe ny fivondronan' ny firenena mpiray fikambanana manoloana ny fisandrahana voafetra ihany an'ireo firenena ireo rehefa mandeha irery. Araka izany, raha tanteraky ny fiombonam-paritra ny fanehoan-kevitra amina feo iray eo amin'ny sehatra irasam-pirenena, ireo firenena iray fikambanana dia hahazo fihevitra hijoroana hifampirarahana tsara lavitra noho ny hoe firenena iray mandeha irery. Izany hoe ny fanam- barana fihevitra hijoroana samihafa ao anatina vondrom-paritra, alohan'ny zavatra rehetra dia fanamby lehibe eo amin'ny fiaraha-miasa politika, rehefa dinihana.

FIZARANA II

NY FIKAMBANANA MISAHANA NY FAMPANDROSOANA NY ATSIMON' I AFRIKA. (SADC)

Ankehitriny isika dia hidinika momba ny SADC, mba hahafahantsika mamantatra tsaratsara kokoa mikasika ny fifandraisan-tendrom-paritra, miainga amin'ny ohatra azo tsapain-tanana.

1 Tantaran'ny SADC

Ny SADC, izay teraka tamin'ny 1992, dia niainga tamina rafitra iray izay nialoha azy : ny Fiaraha-midinika ho an'ny Fandrindrana ny Fampandrosoana ny Atsimon' ny Afrika na SADCC. Io rafitra io dia nofo-ronin'ny Angola, Botswana, Lesotho, Malawi, Mozambika, Zambia, Zimbabwe, Swaziland, ary ny Tanzania tamin'ny 1980. Ny zavatra nokendren'ny SADCC tamin'izany dia ny fametrahana rafitra hifan-danja ka hifanohitra amin'ny fitondrana fanavaka-vaham-bolon-koditra any Afrika Atsimo. Ny tanjona lehibe indrindra tamin'izany dia ny fampihenana ny fiankinan-dohan'ny toekaren'ny fanjakana mpikambana tao amin'ny SADCC amin'ny Afrika Atsimo. Ny mpan-drindrana asa politika ivelany sy ny eo amin'ny politika ekonomika eo anivon'ny Fanjakana manodidina ny sisintany any Afrika atsimo no natao handray an-tanana io tanjon'ny SADCC farany io.

Tokony napetraka sy nampifandraisina aloha ny foto-drafitrasa mpampitohy sy mpanelanela eo amin'ny torohay.

Tany amin-taona 90, izany hoe taorian'ny fahatape-ran'ny fifanoherana nisy teo amin'ny Atsinanana - Andrefana sy taorian'ny fidarabohan'ny fitondrana fanavakaham-bolon-koditra tany Afrika Atsimo, ny SADCC dia tafiditra tao anaty toejavatra sy fepetra vaovao tanteraka. Iatrehina io toe-draharaha io, ny Fanjakana mpikambana ao amin'ny SADCC dia nifanaraka hanao ny fifanekana SADC tamin'ny 1992. Io fifanekena vaovao io dia manandratra fiaraha-mirotsaka an-tsehatra sy fandraisana andraikitra kokoa, ary fifandraisan-tendrom-paritra lasa lavitra kokoa. Ny tanjona dia fananganana vondrona hifandraitendro ho an'ny Fampandrosoana, izany hoe vondrona manana tanjona fampandrosoana iombonana any Atsimon'ny Afrika. Io tanjona io dia mihoatra ilay fanorenana namakilay ny SADCC, izay nametraka fotsiny ny fandrindrana ny tombontsoan'ny Fanjakana mpikam-bana tao aminy.

2 Tanjona sy fepetra toavin'ny Fanjakana ao amin'ny SADC

Eo amin'ny lafiny toe-karena, ny fanjakana mpikambana ao amin'ny SADC dia mikendry fomba fiatrehana iombonana ny toekarena mifototra amin'ny tsena

voarindra sy voalamina. Izay midika fa tsy tokony homena vahana malalaka loatra ny tsena, fa ny Fanjakana dia tokony hametraka fitambarana fepetra mirindra hahafahana mandamina ny tsena. Ny ohatra amin'izany dia ny fiantohana amin'ny lafiny sosialy ny mpiasa. Eo amin'ny la-finy politika, ny fanjakana mpikambana ao amin'ny SADC dia nifamatotra tamina fifanarahana an-tsoratra fa hanaja ny zon'ny olom-belona, hiantsoroka amin'ny fitandrovana ny fandriampalemana sy ny filami-nana, ny fanondrotana ny demokrasia, ny fifandanjana eo amin'ny samy Fanjakana mpikambana ary ny fikatsa-hana ny tombontsoa iombonana.

Mihoatra ny roapolo ny fanambarana mametraka amin'ny antsipiriany ny fizotran'ny fampifandraisan-tendro ny Fanjakana mpikambana ao amin'ny SADC.

Ny fanambarana momba ny varotra, izay mitana anjara toerana lehibe manoloana ny fanalalahana ny lafiny toe-karena, dia manomana fametrahana amin'ny 2008 ny faritra fifanankalozana malalaka eo amin'ny firenena mpikambana. Raha tsiahivintsika ny voalaza tao amin'ny fizarana voalohan'ity kiboky ity, dia midika izany fa ny hidim-paditseranana rehetra dia hofoanana eo amin'ny faritra fifanakalozana malalaka. Io fizotran-draharaha io, raha ny tokony ho izy, dia natao ho tanterahina tsikeli-kely nanomboka tamin'ny fampidirana hanan-kery ny fanambarana momba ny varotra tamin'ny taona 2000.

Ao amin'io zotra io, dia tsy mitovy ny fomba hitondrana ny firenena rehetra : ny Fanjakana malemy kokoa eo amin'ny toe-karena dia homena fe-potoana tetezamita lava kokoa, ka mandritra io fe-potoana io no hanafoa-nan'izy ireo ny hidim-paditseranana. Araka izany ny fana-lalahana sy ny fampifandraisan-tendro dia mandroso miadana kokoa ho an'ny firenena malemy eo amin'ny lafi-ny toe-karena raha oharina amin'ny firenena matanjaka kokoa eo amin'izany lafiny izany.

Ny fanjakana mpikambana ao amin'ny SADC dia hanan-gana Vondrona momba ny faditseranana mandra-paha-tongan'ny 2010, Tsena Iombonana hatramin'ny 2015, Banky Foibe iombonana hatramin'ny 2016 ; amin'ny taona 2016 ihany koa dia hatsangana ny Firaisambe momba ny vola, ary amin'ny 2018 dia hipetraka ny volam-paritra iombonana.

3 Fandaminana eo anivon'ny SADC

Ao amin'ny fifanekena mifehy ny SADC dia rafitra fan-daminan'ny SADCC ihany no noraisina. Midika izany fa ny andraikitra momba ny sehatrasa iombonana rehetra notsinjaraina mitovy amin'ireo Fanjakana mpikambana 14 namakilay. Raha maka ohatra noforonin' ny eritreritra isika, dia azontsika heverina fa ny fiandraiketana ny seha-trasa fambolena dia napetraka amin'ny Tanzania, raha ny Botswana kosa no hikarakara ny sehatrasa Fotodrafitrasa. Ny tanjona dia ny fitsinjaram-pahefana

eo amin'ny andraikitra. Ary nisy ihany koa ny Sekretarià foiben'ny SADC tany Gaborone, Botswana.

Vokatr'io karazana lamina io dia tsy nazava amin'ny lafiny maro ny famaritana ny fampiharana ny fahefana, araka izany nisy ny fifanongoavan'ny andraikitra sy ny olana niteraka tsy fifanarahana teo amin'ny fanjakana mpikambana. Matetika dia tsy ampy tsotra izao ny vola eo amin'ny fitondran-draharahan'ireo firenena ireo hahafahany manatanteraka ny anjara natao ho sahaniny. Tamin'ny taona 2001, taorian'ny fifampiraharahana nandritra ny fivoriana an-tampony tsy ara-potoana ny SADC dia voatery nolaniana ny tolokevitra nanavaozana ny fitondran-draharaha. Io fanavaozana io dia manam-bara fa nanomboka teo dia nahena ho 4 fotsiny ny Antokon-draharaha :

- Varotra, Indostria, Raharaham-bola, ary Famatsiam-bola hamokarana
- Fotodrafitrasa sy Tolodraharaha
- Famelomana amin'ny hanina, Fambolena, ary Harena voajanahary
- Fampandrosoana sôsialy sy mahakasika ny olombelona, Fandaharanasa manokana

Ireo Antokon-draharaha 4 ireo dia miasa eo ambanin' ny fiahian'ny Sekretariàn'ny SADC any Botswana. Midika izany fa nihamafy ny fahefan'ny Sekretarià manoloana ireo Fanjakana mpikambana ao amin'ny SADC, amin'ny maha rantsa-mangaika iombonana azy.

Ambonin'ny Antokon-draharaha, dia misy ankehitriny ny Komitim-pirenenan'ny SADC isaky ny Fanjakana mpikambana. Aty Madagasikara, ny foiben-toeran'io Komity io dia eny amin'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny. Ireny komitim-pirenena ireny dia tokony manaramaso ny fandraisana ny Fanjakana mpikambana an-tanana ny zotra fampifandraisan-tendro eo anivon'ny SADC.

Ny rantsa-mangaika fara-tampony ny SADC dia ny fiaraha-midinika isan-taona ataon'ny Filoham-pirenena sy ny governemantan'ny Fanjakana mpikam-bana ao amin'ny SADC. Ny fanapahan-kevitra rehetra dia raisina eo amin'io antanatohatra io. Ary mifandimby ny fanjakana mpikambana ao amin'ny SADC miantsoroka ny Fiadidiana ny fivoriana an-tampony.

4 SADC Tetiandron' ny zotra fampifandraisan-tendro



Société Malgache d'Edition
B.P. 659 Ankorondrano
Tél. 22 226 35-- 033 11 226 35
Antananarivo 101
DLI N°013 du 11/06/09
Tirage : 2000 xemplaires